# Fitsidihana ireo toerana fanatontosana ireo horonan-tsary momba ny Bokin'i Môrmôna

Nataon'ny Fiadidian'ny Kilonga maneran-tany

Vao tsy ela akory izay izahay no nitsidika ny iray amin'ireo toerana niraketana an-tsary ny horonan-tsary vaovao iray momba ny Bokin'i Môrmôna. Nanana fahafahana hijery ilay seho izay niresahan'i Jesoa Kristy tamin'ny ankizy tsirairay izahay.

Nijery izahay teo am-pikasihan'ireo ankizy ny tanan'ilay mpilalao sarimihetsika nilalao ny toeran'i Jesoa. Niresaka tamin'izy ireo tamin'ny hatsaram-panahy sy halemem-panahy izy, tahaka izay ho nataon'i Jesoa.

Nilaza taminay ireo ankizy fa noho ny zavatra niainan'izy ireo dia vao mainka nihanatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona nananany momba ny Bokin'i Môrmôna. *Tena* tonga tany amin'ny Nefita i Jesoa. *Tena* nanome tsodrano ireo ankizy Izy. Marina ilay tantara.

Afaka mahafantatra izany koa ianao. Halalino ny Bokin'i Môrmôna. Jereo ireo horonan-tsary momba ny Bokin'i Môrmôna. Rehefa manao izany ianao dia afaka manakaiky kokoa an'i Jesoa. Tena lalainy ianao. Ary hanampy anao hahatsapa ny fitiavana sy ny fiadanan'ny Mpamonjy ny Fanahy Masina.



Tsara fanahy sy nalemy fanahy ilay mpilalao sarimihetsika nilalao ny toeran'i Jesoa.



Tamin'io seho io dia notazomina tamin'ny tariby hitsingevaheva ireo anjely!



Nanampy ny mpikirakira ny fandehanan'ny fakan-tsary ho tony hatrany ity zazavavy ity.





Tian'ny Fiadidian'ny Kilonga ny nihaona tamin'ireo ankizy teo amin'ny toerana nanaovana ny horonan-tsary.





Ankizy maro no nanana fahafahana ho ao amin'ilay horonan-tsary.

Azonao jerena ao amin'ny ChurchofJesusChrist.org ireo horonan-tsary momba ny Bokin'i Môrmôna.

